


DEREK PRINCE MINISTRIES INTERNATIONAL

Fivoriana fampaherezam-panahy

Ny Fiarovan’ny Tsitoha

Amin'ny alalan'ny ran'i Jesosy, voavotra avy eo an-tanan'ny devoly aho.



Manambara ny Tenin'Andriamanitra Dries Du Plessis Dries Du Plessis

Ny Salamo faha-91 dia nantsoina hoe “salamo taona atomika”. Salamo fiarovana tanteraka amin’ny karazana faharatsiana, sy loza, ary fahavoazana rehetra izany — na ahoana na ahoana mety hitrangan’izany, na amin’ny fomba ahoana na amin’ny fotoana inona. Kristiana maro no mahafantatra tsara an’io andalan-teny io. Fa andeha hojerentsika fotsiny ny andininy roa voalohany:

> "Ny mitoetra ao amin'ny fierena izay an'ny Avo Indrindra dia monina eo ambanin'ny aloky ny Tsitoha." (Salamo 91:1)

Ny teny hoe mitoetra amin’ny teny Hebreo dia midika hoe “mijanona ny alina”. Izy io dia teny izay ampiasaina matetika hilazana ny fihetsika fijanonana mandritry ny alina. Izany, no milaza amintsika fa mandritra ny ora maizina, ny tena mpino dia ho eo ambanin’ny aloky ny Tsitoha. Mariho ny andininy faharoa:

> "Izaho hilaza an'i Jehovah hoe: “Fialofako sy batery fiarovana ho ahy Izy Ary Andriamanitro, Izay hitokiako.’” (andininy 2)

Ity no efitra fidirana, làlana fidirana, ho ao amin’ny fiarovana tanteraka amin’ny andininy sisa amin'io salamo io. Izany dia fijoroanao ho vavolombelona: “Holazaiko izany.” Raha tsy miteny ianao, dia tsy hanana izany ianao. Ary mila faherezana ny milaza ny manaraka ao amin’ny Salamo faha-91. Fa ireo izay milaza azy io ihany no manana zo hiaina ao anatin’izany soratra masina marina izany. Ny tenin'ny fijoroanao ho vavolombelona no mahatonga izany handaitra.

© 2008 - Dries Du Plessis

Fivoriana fampaherezam-panahy ★

Fandikana: WD-B097-011-MLG

Nohavaozina farany: 01 Oct 2026

Tranokala: Derekprince.com/mg/resources



© 2008 - Dries Du Plessis